Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

# Ny fitsarana farany sy ny helo



Izay ambaran'ny Baiboly momba …

# Ny fitsarana farany sy ny helo

JCK

Novokarina sy navoakan'ny : Henoy ny Baiboly
Fanontana laharana : 032
D.L.I. : Marsa 2015
henoynybaiboly@gmail.com

Edisiona Henoy ny Baiboly

# TOPIMASO

1. Ny fanahinao dia hihaona amin'ny Mpamorona azy.............3
2. Iza no voakasiky ny fitsarana farany? ..............................5
3. Nahoana ny fanahin'ny tsy mino no hiatrika fitsarana?.......6
4. Hitsara amin'ny fahamarinana Andriamanitra ....................7
5. Ahoana no ho fizotran'ny fitsarana farany,
ho an'ireo tsy mino? ..........................................................8
6. Aorianan'ny fanamelohana,
ho aiza ny fanahin'ireo tsy nino? ....................................10
7. Ny anjaran'ny fahafatesana (ilay fahavalo farany)
sy ny anjaran'ny fitoeran'ny maty ...................................12
8. Ny anjaran'ny tany.............................................................12
9. Manolotra vahaolana ho anao Andriamanitra:
ekeo Jesosy ho mpamonjinao ............................................13

*Tsara raha vakiana araka izao filaharana izao ny boky ao amin'ny amboara faminaniana :*

- ➲Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy
- ➲Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia
- ➲Ny Fampakarambadin'ny Zanak'ondry
- ➲Ny fiavian'i Kristy sy ny ady ao Hara-magedona
- ➲Ny Fanjakana arivo taona sy ny mandrakizay
- ➲**Ny fitsarana farany sy ny helo**

# 1. Ny fanahinao dia hihaona amin'ny Mpamorona azy

## 1.1 Andriamanitra no namorona anao sy namorona ny fanahinao

*"Ary vovotany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy"* (Genesisy 2. 7).

## 1.2 Hotakian'Andriamanitra ny fanahinao

*"Halaina aminao ny fanahinao"* (Lioka 12. 20).

**Io andro io no andro hahafatesanao**

Notendrena *"ny olona ny ho faty indray mandeha"* (Hebreo 9. 27).

Noho izany, amin'ny andro hahafatesanao, ny vatanao dia hiverina any amin'ny niaviany, izany hoe ny vovotany, ary ny fanahinao, ilay singa velona ao aminao, izay avy any an-danitra, avy tamin'Andriamanitra, dia hiverina any amin'Ilay Andriamanitra Mpahary, Izay any an-danitra any:

*"Ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny"* (Mpitoriteny 12. 7).

## 1.3 Ny fanahinao dia hihaona amin'ny Mpamorona azy, any an-danitra any

➢ **Na hiditra any am-paradisa ny fanahinao**

Teo amin'ny hazofijaliana, dia nohomboana teo anelanelana jiolahy roa Jesosy. Ny iray tamin'izy ireo dia tsy nandry eritreritra noho ny ratsy vitany. Hoy izy: *"Ary marina ny anamelohany antsika, satria mandray ny valin'ny nataontsika isika"* (Lioka 23. 41).

Io jiolahy mpamono olona io dia resy lahatra fa ny olona toa azy dia tsy afaka ny ho any an-danitra, any am-paradisa, ka hahita ny tavan'Andriamanitra. Tsapany fa *araka ny toetrany, dia zanaky ny fahatezerana* izy (Efesiana 2. 3), ary noho izany, dia tsy mahazo ny paradisa sy ny voninahitra avy amin'Andriamanitra, satria *"Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy"* (1 Jaona 1. 5). Teo ambavahoanan'ny fahafatesana io mpamono olona io no nibebaka ary nitodika tamin'i Jesosy, Ilay *"Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona"* (1 Timoty 2. 5), Jesosy Izay *"nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra"* (1 Timoty 2. 6).

Hoy ilay jiolahy tamin'i Jesosy: *"Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin'ny fanjakanao Ianao"* (Lioka 23. 42), satria fantany fa ny zavatra tena ilainy dia ny hitsaran'Andriamanitra ka hamafany ireo fahotany. Voasoratra fa: *"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy* (Andriamanitra) *ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra"* (1 Jaona 1. 9). Rehefa hitan'i Jesosy fa nibebaka io jiolahy io, dia hoy Izy taminy: *"Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa*" (Lioka 23. 43).

Izany no valinteny mahagaga azon'ilay jiolahy, izy izay efa ho faty. Nila antoka izy momba ny hoavin'ny fanahiny. Izao izy vao milamina, mahalala fa rehefa avy eo izy dia hiditra any am-paradisa, toerana izay misy ny fanahin'ireo mino an'i Jesosy, dia ireo manana ilay finoana mahavonjy. Akory ny hasambarany mahalala fa hiditra any an-danitra izy, hanatrika an'Andriamanitra, ho mandrakizay.

Tanteraka ny fanirian'ity lehilahy mpanota ity, satria nino an'i Jesosy izy, Jesosy Izay niteny hoe: *"Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy* (mino an'Andriamanitra) *no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin' ny fiainana izy"* (Jaona 5. 24).

➢ **Na ho lavitra an'Andriamanitra ho mandrakizay ny fanahinao**

Hifanehatra amin'ny fahatezeran'Andriamanitra ny fanahinao, araka izay voasoratra hoe: *"Izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy*" (Jaona 3. 36).

Koa tsy hiditra any am-paradisa ny fanahinao, fa hiara-mizaka ho mandrakizay ny anjaran'ireo olona lazaina hoe: *"Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa"* (Apokalypsy 21. 8).

## 2. Iza no voakasiky ny fitsarana farany?

*"Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana..."* (Hebreo 9. 27). **Ireo tsy mino irery ihany no ho voakasiky ny fitsarana.** Ho an'ireo nino an'i Jesosy tokoa mantsy, ny fanamelohana dia efa nentin'i Jesosy, Izy tenany mihitsy, teo amin'ny hazofijaliana. Noho izany, ny mpino dia *"tsy hohelohina"* (Jaona 5. 24).

### 2.1 Ny tsy mino, na ny lehibe na ny kely

*"Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny sezafiandrianana"* (Apokalypsy 20. 12).

### 2.2 Ny tsy mino milaza ny tenany ho marina, nefa raha ny tena izy, dia mpanao ratsy

*"Samy hotsarain'Andriamanitra na ny marina na ny meloka"* (Mpitoriteny 3. 17).

## 3. Nahoana ny fanahin'ny tsy mino no hiatrika fitsarana?

### 3.1 Mba hanao tatitra amin'Andriamanitra

*"… hampamoahin'Ilay efa vonona hitsara ny velona sy ny maty izy"* (1 Petera 4. 5).

### 3.2 Mba hahafantarany ny fahatezeran'Andriamanitra sy ny fitsarany marina

*"… amin'ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra, Izay hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy"* (Romana 2. 5-6).

### 3.3 Ho fandringanana azy

*"… andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy"* (2 Petera 3. 7).

# 4. Hitsara amin'ny fahamarinana Andriamanitra

*"Hitsara izao rehetra izao amin'ny fahamarinana Izy ary ny firenena amin'ny fahitsiana"* (Salamo 98. 9).

## 4.1 Ny fahamarinan'Andriamanitra dia hijery manokana:

### 4.1.1 Ireo rehetra tsy nahafantatra ny lalàna

*"Fa tsy misy fizahan-tavan'olona amin'Andriamanitra. Fa izay nanota tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana ny lalàna"* (Romana 2. 11-12).

### 4.1.2 Ireo rehetra nahafantatra ny lalànan'i Mosesy

*"… fa izay nanota nanana ny lalàna kosa dia hotsaraina araka ny lalàna"* (Romana 2. 12).

## 4.2 Amin'ny alalan'i Jesosy Kristy no hitsaran'Andriamanitra ny olombelona (Jaona 5. 22)

*"… amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny zavatra takona ataon'ny olona, … amin'ny alalan'i Jesosy Kristy"* (Romana 2. 16).

*"Satria Izy* (Andriamanitra) *efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty"* (Asan'ny Apostoly 17. 31).

# 5. Ahoana no ho fizotran'ny fitsarana farany, ho an'ireo tsy mino?

**Amin'ny andro fitsarana, dia hitsangana ireo tsy mpino mba hotsaraina eo anatrehan'Andriamanitra, Izay hipetraka eo ambony sezafiandrianana fotsy lehibe, amin'izay fotoana izay**

*"Aza gaga amin'izany; fa avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony* (ny feon'i Jesosy)*; dia hivoaka izy: … izay nanao ratsy … dia ho any amin'ny **fitsanganana ho fahamelohana**"* (Jaona 5. 28-29).

*"Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita* (ny fitoeran'ny maty) *namoaka ny maty tao aminy"* (Apokalypsy 20. 13).

## 5.1 Ilay sezafiandrianana fotsy lehibe

### 5.1.1 Hipetraka eo amin'ny sezafiandrianana fotsy lehibe Andriamanitra

*"Ary hitako fa, indro, nisy sezafiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny* (Andriamanitra)*; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony"* (Apokalypsy 20. 11).

### 5.1.2 Hosokafana ny boky

*"Nipetraka ny Mpitsara, ary novelarina ny boky"* (Daniela 7. 10).

*" Ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany"* (Apokalypsy 20. 12).

### 5.1.3 Ny fitsarana dia momba ...

#### *5.1.3.1 Ny asa*

*"Ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany"* (Apokalypsy 20. 12).

*"Dia samy notsaraina araka ny asany izy* (ny maty)*"* (Apokalypsy 20. 13).

#### *5.1.3.2 Ny teny*

*"Indro, tonga Jehovah mbamin'ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan'ny haratsiam-panahy rehetra, izay nataony tamin'ny haratsiam-panahiny sy ny teny sarotra rehetra izay nitenenan'ny mpanota ratsy fanahy hanohitra Azy"* (Joda 14-15).

*"Ary lazaiko aminareo fa hampamoahina ny olona amin'ny andro fitsarana noho ny amin'ny teny foana rehetra izay ataony"* (Matio 12. 36).

*"Fa … ny teninao no hanamelohana anao"* (Matio 12.37).

#### *5.1.3.3 Ny eritreritra*

*"Ny Tompo … hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina ka hampiseho ny fikasan'ny fo"* (1 Korintiana 4. 5).

#### *5.1.3.4 Ny zavatra nafenina*

*"Fa ny atao rehetra dia hoentin'Andriamanitra ho amin'ny fitsarana ny zava-miafina rehetra, na soa na ratsy"* (Mpitoriteny 12. 14).

#### *5.1.3.5 Ny fo mafy ka nandà tsy hibebaka*

*"Fa ny ditranao sy ny fonao tsy mibebaka no iraketanao fahatezerana ho anao amin'ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra"* (Romana 2. 5).

#### 5.1.3.6 Ireo izay nanao ratsy

Andriamanitra *"hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy: … ho an'izay mitady ny ho an'ny tenany ihany kosa sady tsy manaraka ny marina, fa manaraka ny tsy marina, dia fahavinirana sy fahatezerana, eny, fahoriana sy fahantrana ho an'ny fanahin'ny olona rehetra izay manao ratsy"* (Romana 2. 6, 8-9).

## 5.2 Hitady hanamarin-tena ny tsy mino, nefa ho voaheloka

### 5.2.1 Ny fanamarinan-tena aroson'ny ratsy fanahy eo anoloan'ny Tompo Jesosy

*"Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay?"* (Matio 7. 22).

### 5.2.2 Ny valintenin'ny Tompo Jesosy

*"Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka"* (Matio 7. 23).

# 6. Aorianan'ny fanamelohana, ho aiza ny fanahin'ireo tsy nino?

## 6.1 Any amin'ny toerana misy ny famaizana ho mandrakizay, antsoina hoe:

### 6.1.1 Ny afo maharitra mandrakizay

*"Mialà amiko, ianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny"* (Matio 25. 41).

### 6.1.2 Ny fandoroana lehibe

*"Ny Zanak'olona haniraka ny anjeliny … hanipy azy* (izay manao meloka) *any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo"* (Matio 13. 41, 42).

### 6.1.3 Ny farihy afo

*"Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy"* (Apokalypsy 20. 15).

## ANY

*"ireo dia hiala ho any amin'ny **fampijaliana mandrakizay**"* (Matio 25.46).

*"no hisy **ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify**"* (Matio13. 42).

## 6.2 Ireo rehetra any amin'ny fampijaliana mandrakizay dia hahatsiaro tena

Misy fanoharana nataon'i Jesosy, mampiseho ny fijaliana aorianan' ny fahafatesana, ho an'ireo izay tsy nino.

*"Ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsy hita izy … dia … niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsantànany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa **fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity**"* (Lioka 16. 23-24).

# 7. Ny anjaran'ny fahafatesana (ilay fahavalo farany) sy ny anjaran'ny fitoeran'ny maty

**Ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia hotsaraina, hofoanana ary hatsipy any anaty farihy afo**

*"Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena* (hofoanana)*"* (1 Korintiana 15. 26).

*"Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita* (ny fitoeran'ny maty) *dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo"* (Apokalypsy 20. 14).

# 8. Ny anjaran'ny tany

**Aorianan'ny fitsarana farany, dia …**

## 8.1 Homelohina sy hopotehina amin'ny afo ny tany manontolo

*"Fa izao lanitra sy tany ankehitriny izao dia hazonin'izany teny izany ho amin'ny afo, ka tehirizina ho amin'ny andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy"* (2 Petera 3. 7).

*"Ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy"* (2 Petera 3. 10).

## 8.2 Handositra ny tany

*"Ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany* (tavan'Andriamanitra)*, ka tsy nisy hitoerany intsony"* (Apokalypsy 20. 11).

**Aoka hohenoina tsara izay lazain'Andriamanitra ao amin'ny Teniny**

*"Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia olona tokony hanao ahoana moa ianareo amin'ny fitondrantena masina sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, sady manantena no mampahafaingana ny hiavian'ny andron'Andriamanitra, izay hahamay sy hahalevona ny lanitra ary handoro sy hampiempo ny tenan'ny zavatra rehetra!*

*Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan'ny fahadisoan'ny ratsy fanahy ianareo ka ho lavo hiala amin'izay iorenanareo; fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena"* (2 Petera 3. 11-12, 17-18).

**Manoloana izany fitsarana mahatahotra izany, dia ...**

# 9. Manolotra vahaolana ho anao Andriamanitra: ekeo Jesosy ho mpamonjinao

**Voavonjy ve ianao?** Efa nateraka indray ve? Manana fiainana mandrakizay ve? Azonao antoka ve fa ho anisan'ireo izay ho any an-danitra ianao, rehefa ho tonga ny Tompo? Matoky ve ianao fa ho any an-danitra, any am-paradisa, rehefa maty? Tsy fantatrao angamba, tsy mazava aminao, nefa ve ianao manaiky an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, ho Tomponao?

**Hoy ny Baiboly**: *"Raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana*

*Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao… Fa 'izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena' "* (Romana 10. 9, 13).

**Inona nefa no tokony hatao mba ho voavonjy, ka hialana amin' ny fitsarana farany sy ny helo?**

Raha tonga ao am-ponao izany fanontaniana izany, dia vakio tsara izao manaraka izao, momba ny famonjena ny fanahinao.

**Mpanota ianao, ary ny ota no tsy ahazoanao ny famonjena**

*"Raha hoy isika: Tsy nanota isika, dia mampandainga Azy* (mampandainga an'Andriamanitra), *ary ny teniny tsy ato anatintsika"* (1 Jaona 1. 10). Rehefa mamaky io fanambaran'ny Baiboly io ianao, aza mihevitra fa tsy manan-tsiny ianao eo anatrehan'Andriamanitra, satria hoe mahavita ireo adidinao any am-piangonana, mivavaka, manao fiantrana, fivahiniana masina na asa soa. Mahakasika anao manokana ny momba ny ota, araka ny voasoratra ihany koa hoe: *"Raha hoy isika*: *Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika"* (1 Jaona 1. 8).

Aza mihevi-tena ho marina araka ny fitsaranao manokana, satria amin'Andriamanitra dia *"tsy misy marina na dia iray akory aza… fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra"* (Romana 3. 10, 23). Aza mampandry saina mihitsy, ary aza mody tsy mahalala, ka milaza fa tsy misy Andriamanitra, na koa hoe, raha misy Izy, dia ho any an-danitra ianao, any am-paradisa, rehefa maty, satria tsara fanahy Izy!

**Iza marina moa ireo olona ho any an-danitra?**

Hoy Jesosy: *"Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany"* (Jaona 6. 40). Koa ny hany ho any an-danitra sy tsy hiharan'ny fitsarana farany, dia ireo mino an'i Jesosy, *Izay nirahin'Andriamanitra* (Jaona 6. 29).

**Tian'Andriamanitra ho any an-danitra ianao: atolony anao ny famonjena**

Tsy ny hahavery anao no tadiavin'Andriamanitra, fa tena ny haha voavonjy ny fanahinao. Ho famonjena anao no nanirahany an'i Jesosy Zanany ho faty ho anao. Tonga Jesosy mba *"hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro"* (Matio 20. 28), izany hoe hisolo anao koa. Maimaimpoana tanteraka ny famonjena atolotr'Andriamanitra ho anao, noho ny fitiavany, satria Jesosy efa nanomana ny zava-drehetra hanafahana anao. Tsy anampiana ny asa vitany. Koa afaka mihavana amin' Andriamanitra ianao anio, amin'ny alalan'i Jesosy. Inona àry no tokony hatao?

➢ **Mibebaha,** satria mpanota ianao, raha araka ny maha ianao anao, ary noho ny ota mitoetra ao anatinao, dia tafasaraka amin' Andriamanitra ianao, ka maty ara-panahy: *"matin'ny fahadisoa*[*nao*] *sy ny fahota*[*nao*]*"* (Efesiana 2. 1). Koa satria toy izany ny toerana misy anao, dia meloka ianao eo anatrehan'Andriamanitra. Mibebaha àry, izany hoe:

- Mitodiha amin'Andriamanitra: *"Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa"* (Isaia 45. 22);
- Ekeo fa noho ireo fahotanao rehetra (ny tsy fankatoavana, ny halatra, lainga, fanompoan-tsampy, ary koa sain-dratsy, fitsiriritana, fialonana, avonavona, sns.), dia sahaza anao ny ho tafasaraka mandrakizay amin'Andriamanitra;
- Aoka ianao hanenina sy hiaiky ireny fahotanao rehetra ireny eo anatrehan'Andriamanitra, ary haniry marina ny tsy hamerina intsony.

"*Mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara"* (Marka 1. 15),

"*Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo"* (Asan'ny Apostoly 3. 19).

➢ *"**Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao**"* (Asan'ny Apostoly 16. 31)

Raha mino an'i Jesosy ianao, dia omena anao ny ain'Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe: *"Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino* (mandà tsy hankatò) *ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy"* (Jaona 3. 36). Koa *"izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka Lahitokan'Andriamanitra izy"* (Jaona 3. 18).

**Izay manana an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no manana ny fiainana**

*"Izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra... manana fiainana mandrakizay"* (1 Jaona 5. 13): resy lahatra amin'izany izay mametraka ny finoany ao amin'i Jesosy, dia ilay finoana mahavonjy. Raha resy lahatra toy izany ianao, dia afaka matoky fa ho any an-danitra —any amparadisa—, any amin'ny misy an'i Jesosy Tomponao sy Mpamonjy anao. Hiaraka aminy mandrakizay ianao, any.

***"Izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra*** (Jesosy) ***no tsy manana ny fiainana"*** (1 Jaona 5. 12)

Koa dia tsy hiditra any am-paradisa izany olona izany, ary aorianan' ny fahafatesany izy dia hiara-mizaka ho mandrakizay ny anjaran'ireo lazaina hoe: *"Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin' ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa"* (Apokalypsy 21. 8).

**Ianao kosa, ankino amin'i Jesosy** dieny anio ny hoavin'ny fanahinao ho mandrakizay, dia hahita ny tena fanafahana lavorary ianao, *"ny famonjena ny fanahy"* (1 Petera 1. 9).

# Ny fitsarana farany sy ny helo

*"Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny sezafiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita* (ny fitoeran'ny maty) *namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin' ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy*" (Apokalypsy 20. 12-15).

Iza no hiatrika ny fitsarana farany? Inona no hoavy mandrakizay, anjaran'ny olona tsy nanaiky an'i Jesosy tetỳ an-tany? Ahoana no ho fizotran'ny fitsarana farany? Aorianan'ny fanamelohana, ho aiza ny fanahin'ireo tsy mino? Inona no ho anjaran'ny fahafatesana, ny fitoeran' ny maty, ny tany? …

Izany no fanontaniana lehibe valian'ity bokikely ity, amin'ny alalana andininy ao amin'ny Baiboly, mba hahafantaran'ny tsirairay ny toerana misy azy ary hanapahany hevitra hihavana amin'Andriamanitra, ka hisorohany ny fiatrehana ny fitsarana farany sy ny helo.

EHB - Réf. : DP006MA

9 230111 300121